# ALAHADY FANKALAZAN NIOVAN'I JESOA TAREHY TAONA A



*Ny Tavany namirapiratra tahaka ny masoandro.*

Ry Kristianina havana, izao Alahady izao dia Alahady faha-18 mandavantaona fa noho izy mifanojo amin'izao daty 06 aogositra izao izay ankalazana amin'ny fomba manetriketrika ny fiovan'ny Tompo tarehy teo an-tendrombohitra, dia izay fankalazana izay no tsaroantsika manokana anio. Tsara ihany koa ny mampahatsiahy fa anio ny fanirahana an'ireo tanora marobe mitraotro aty Lisbonne toerana anaovana ny JMJ. Araka ny efa naverina matetika amintsika, ny lohahevitra dia I Maria nijoro nandeha haingana…. Azo lazaina àry fa mifanaraka amin'izao fankalazana ny Fiovan'ny Tompo tarehy anio izao izany lohahevitra izany satria manantena isika fa ireo tanora teto Lisbone, noho ny Fahasoavan'Andriamanitra, dia nifanojo tamin'I Jesoa ka niova, nibebaka ka tahaka an'I Maria vonona hijoro ary hiainga miala eto hitondra an'I Jesoa hanavao izao rehetra izao fa indrindra ny fifandraisana amin'ny lafiny telo izay mandrafitra ny mahaolona isika ka hivelona indray ny vôkasiontsika olombelona araka ny naharian'Andriamanitra antsika dia ny fifandraisana amin'ny zava-boaary ka vonona hiambina sy hikolokolo ity sahan'Edena dia ny Tranobe Iombonana. Hanavao ny fifandraisana amin'ny mpiara-belona ka zary ho fianakaviam-ben'Andriamanitra ho OloAraiky, ho Mpiray Tampo, ho Fratelli Tutti ka hiara-dia hiara-dalana hidera an'Andriamanitra. Izany no antenaintsika sy hitalahoantsika am-bavaka ho an'ireo tanora an'hetsiny aty Lisbonne. Hanova ny endriky ny tany hanahaka ny endrik'I Kristy.

**Vakiteny I :** Dan. 7, 9-10. 13-14
**Tononkira :** Salamo 96
**Vakiteny II :** 2 Pier. 1, 16-19
**Evanjely :** Mt. 17, 1-9

Azo lazaina ihany koa fa izany rehetra lazaintsika izany dia mifanaraka tsara amin'izao Sinaody faha-7 ataontsika eto anivon'ny diosezy ka aoka hiroso hatrany isika amin'ny fandalinana sy amin'ny vavaka fa indrindra efa akaiky ihany koa ny fiatrehantsika ny fijanonana faha-2 na ny dingana faha-2 dia ny FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARO SY MIKOLOKOLO NY TONTOLO IAINANA. Manantena tsy ho ela dia ho vita ny instrumentum laboris fitaovana entintsika miasa ka ahafahantsika mametraka torolalana hanampy antsika hivelona ny vokasiontsika araka naharian'Andriamanitra antsika. Tohizantsika ny fandalinam-pinoana ataontsika hahatonga antsika Kristy mpiara-belona amin'ny olona ho EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA KA ZARY TABERNAKLA VELONA.
Henontsika tamin'ny vakiteny voalohany dia ny bokin'i Daniela mpaminany fa rehefa ao amin'ny Tompo tokoa isika dia olom-baovao miova ny fiainana, miova ny fomba fijerentsika ka hahatonga antsika araka ny averimberintsika fa Izy Kristy mpiara-belona mpanarina, mpanangana fa sanatria tsy ho fandravana. Izany koa no averin'i Md Piera amin'ny vakiteny faharoa. Fantantsika àry fa matoa niova tarehy i Jesoa teo an-tendrombohitra dia satria fantany ny hanjo azy sy ny mety hanozongozona ny finoan'ireo mpianatra ka nentiny i Piera, i Jakoba ary Joany tany an- tendrombohitra toerana mangingina ary dia niara-nivavaka izy ireo ka niova tarehy teo anatrehan'ireo mpianatra izy. Niova namirapiratra tahaka ny masoandro ary fotsy manjopiaka ny tarehin'i Jesoa izay manambara ny voninahitr'Andriamanitra.
Izany koa ny vavaka ataontsika sy ny faniriantsika ho an'ireo Tanora marobe manodidina ny Papa any Lisbonne mitokana any Fatima toerana nisehoan'I Masina Maria. Enga anie izy ireo sy isika jiaby samy vonona noho ny asan'ny Fanahy Masina hiroso amin'ny tena fiovam-penitra mahery vaika afahana miatrika izao krizy maro lafy izao.
Izany indrindra no hahatonga an'I Jesoa mba ho tsapan'ireo mpianatra fa eo anivon'izy ireo tokoa izany voninahitr'Andriamanitra izany, eo anivon'izy ireo Izy Kristy mpiara-belona, izany no finoantsika ary izany koa no tian'i Jesoa ho tsapantsika sy ho tian'ny Eglizy ho tsapantsika amin'izao fankalazana izao. Izay ihany koa no tian'i Papa françois ho tsapan'ireo tanora marobe any Lisbonne. Izany ihany koa no irintsika amin'izao fanatanterahana ny Sinaody izao.
Matoa isika mankalaza tsy hoe mahatsiaro fotsiny fa noho ny asan'ny Fanahy masina dia mivelona izay ankalazaina izay. Raha mankalaza an'i Jesoa miova tarehy isika dia mankalaza Andriamanitra be voninahitra mamirapiratra eo anivontsika ka hamirapiratra koa ny fiainantsika.
Aoka ho tsapantsika fa noharian'Andriamantira hitovy endrika Aminy isika. Hitan'ireo Apôstoly teo amin'i Jesoa niova tarehy ilay Endrik'Andriamanitra, io koa no hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amintsika satria misy endrik'Andriamanitra isika.

Io no andrasan'i Jesoa amintsika, raha miombona aminy tanteraka isika dia mahita ny voninahitr'Andriamanitra.

Ireo Apôstoly fa indrindra i Piera dia vakivava hoe "mahafinaritra ny mitoetra aty handeha hanorina trano lay telo isika dia ny iray ho anao, iray ho an'i Moizy, ny iray ho an'i Elia", satria teo koa ireo mpaminany ireo ary fantratr'izy ireo fa izay misy an'i Jesoa dia miseho miharihary ny voninahiny.
Raha miombona tokoa amin'Andriamanitra isika tahaka ny traikefa niainan'ireo mpianatra niaraka tamin'i Jesoa ireo raha miara-nivavaka isika ka miaraka amin'I Jesoa dia miova tanteraka tokoa ny fiainantsika. Izany ny fiovam-penitra mahery vaika vokatry ny fandraisantsika ny

Fanahin'Andriamanitra ka hahatonga antsika hiombona amin'i Jesoa ho tonga zanak'Andriamanitra. Mitoetra ao Aminy isika ka ambaran'Andriamanitra Ray ary ny làlan-kombana : "Inty ny zanako malalako henoy Izy". Raha te-hahazo ny voninahitr'Andriamanitra isika, raha tiantsika ho eo anivontsika hamirapiratra ny voninahitr'Andriamanitra sy ho lavitra ny fahoriana sy fijaliana dia fantaro fa amin'ny alalan'ny fihainoantsika ny tenin'Andriamanitra dia i Jesoa Izy ilay tenin'Andriamanitra eo anivontsika sy tenan'Andriamanitra mamelona antsika. Sarobidy tokoa ny tenin'Andriamantra sy ny Eokaristia ka hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona. Matoa afaka nitsangana, nijoro i Maria izany hoe miverina amin'ny tena hasina ny mahaolona dia nahay nandray ny Tenin'Andriamanitra dia i Jesoa tamin'ny alalan'ny Eny. Mila mankato ny Tenin'Andriamanitra isika raha tiantsika hiova ny fiainantsika ary izany no kendrentsika amin'izao Sinaody izao mba hahay handray ny Tenin'Andriamanitra tokoa isika.

Rehefa avy tany an-tendrombohitra izy ireo dia nidina ka nanohy ny fiainana andavanandro. Nambaran'i Jesoa fa hijaly izy, toy izany koa isika izay miaina ao amin'i Kristy dia hopotehina isika, io ny ambaran'i Md Paoly : na dia hopotehina aza izy dia hamiratra. Manambara koa i Md Piera amintsika fa mampitsangana antsika i Jesoa àry aza matahotra, maniraka antsika i Jesoa.
Ny fankalazantsika ny fiovan'ny Tompo tarehy dia manampy antsika hahatsapa fa eo anivontsika ny voninahitr'Andriamantira. Hahatsapantsika koa fa tsy maintsy mijoro isika manambara ny finoantsika eo amin'ny mpiara-belona amintsika ka hahatonga an'izao tontolo izao ho fonenan'Andriamanitra noho ny fiainantsika amin'izay maha zanak'Andriamanitra antsika izany. Io ny fivelomanana indray ny vôkasiontsika araka ny naharian'Andriamanitra antsika tamin'ny voalohany.
Arakaraky ny fiovan'ny fontsika hitovy amin'ny fon'i Jesoa ka hitondrantsika an'izay fo mizara fitiavana, mamelona fitiavana, hahatonga ny tanora miatrika ny JMJ aty Lisbonne na ireo tsy miatrika hanahaka an'i Masina Maria nahay nandray ny Teny dia i Jesoa ka vonona hitsangana hihazakazaka hamonjy ny manodidina mba ho "Kristy Mpiara-belona", ho Génération Mpanorina mikolokolo sy mikarakara ny tontolo iainana ho fikatsahana ny soa iombonana, hamirapiratra tahaka ny fiovan'ny Tompo tarehy, handova ny tany izany hoe ny Tranobe iombonana hanova ny fiaraha-monina. Raha hiova ny fiaraha-monina dia handray ny voninahitr'Andriamanitra isika ka hamirapiratra satria ny fontsika no miova.
"Sambatra ny malemy fanahy fa izy no handova ny tany", izay tany misy ny voninahitr'Andriamanitra izay no lovantsika.

Tahaka ny nataon'i Jesoa niaraka tamin'ny Apôstoly no ataontsika mianakavy eto amin'ny diosezy amin'izao Sinaody izao. Miara-mampiakatra ny finoantsika isika, miara-mampiakatra ny fiainantsika amin'ny alalan'ny fiaraha-mivavaka, amin'ny alalan'ny fiaraha-midinika ka manantena hiova, hanana fiovam-penitra mahery vaika. Nihataka i Jesoa niaraka tamin'i Piera sy Jakoba ary Joany, isika izao no ireo Apôstoly niaraka nivavaka tamin'i Jesoa ka hitondra izany fo vaovao izany ka hampiova ny endrik'izao tontolo izao, ny endriky ny fiaraha-monina ka hamirapiratra. Hiova ny endriky ny fiaraha-monina raha "génération de bâtisseur et de constructeur" isika fa tsy hoe « génération de démolisseurs, de destructeurs ».
Manorina tontolo vaovao isika araky ny voalazantsika amin'ny vavaka fiomanana tamin'ny JMJ, manomana tany sy lanitra vao amin'ity tranobe iombonana ka amin'izay hiadam-pinaritra, hahay hifankatia, dia hihavao tokoa ny fiainantsika, hamirapiratra ny fiainantsika, ho Kristy mpiara-belona tokoa isika ka ireo manodidina antsika hilaza hoe : "Mitoera eto aminay, andao hanao tranolay". Enga

anie ho tranolay hahatamàna ny olona ny fiainantsika manontolo. Manasa antsika hihavao tokoa ka hanavao ny fiainan'ireo manodidina antsika.

I Jesoa niova tarehy anie hanampy antsika amin'izay ataontsika rehetra ka ho fiainan'i Jesoa ny fiainantsika fa indrindra isika miatrika ny Sinaody izao ka zary Kristy Mpiara-belona amin'ny olona isika. Masina Maria Reny ampio izay mba hanahaka anao ka ho vonona hitsangana ka handeha haingana hitondra an'i Jesoa amin'ireo manodidina anay. Md Josefa anie hivavaka ho an'ny fianakaviana ka zary Eglizy kely tokoa ahafahana miatrika izao krizy mafy izao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson